Tena marina fa efa voarara ny fisotroana toaka

Tatitra azo avy tamin'i Anas (R.A) niteny : Mpanome rano olona tao an-tranon’i Abo Talha aho, ary be dia be ny divain’izy ireo tamin’io andro io, ka naniraka olona hiantsoantso i Mpaminany (S.A.W) hoe : Tena marina fa efa voarara ny fisotroana toaka hoy izy : Dia niteny tamiko i Abo Talha manao hoe : Mivoaha ary ario izany ka nariako tokoa ireo toaka, ka niparitaka teny amin’ny araben’i Madina. Niteny ny olona sasany hoe : Nisy vahoaka novonoina raha mbola tao an-kibony izany, ka nampidinin'Allah ilay andininy masina hoe : {Tsy manan-tsiny amin’izay mino sy manao ny marina ny amin’izay nohaniny} [Al-Maidat: 93] ny andininy.

[Mari-pototra] [Notantarain’i Bokhari sy Moslim]

Anas bin Malik (R.A) no nitantara fa nanome rano ho an'ireo izay tao an-tranon'ny raikeliny Abo Talha (R.A), ary ny divain'izy ireo tamin'izany fotoana izany dia Al-Fadhikh, fifangaroan’ny atrendry sy Bosra, rehefa niantso ny mpiantso avy amin’ny irak’Allah (S.A.W) niteny hoe : Tena marina fa efa voarara ny toaka, dia hoy izy : Hoy i Abo Talha tamiko : Mivoaha, ahidino sy ario izany. Dia nivoaka aho ka nandraraka sy nanary izany, dia nikoriana teny amin’ny araben’i Madina ny divay sasany, dia niteny sasany tamin'ireo olon hoe : Nisy tamin’ireo mpanaradia no novonoina raha mbola nisy toaka tao an-kibon’izy ireo, teo dia nampidinin'Allah ilay andininy masina milaza hoe : {Tsy misy tsiny amin’izay mino sy manao asa soa amin’izay nohaniny} [Al-Maidat : 93] Andininy. Izany hoe : izay mino dia tsy tompon’andraikitra amin’ny divay nohaniny sy nosotroiny talohan’ny nandrarana izany.

http://sunnah.global/hadeeth/mg/show/66034